



FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA- n°045/2026

MIKASIKA NY ADY AMIN'NY FANARARAOTANA AMIN'NY VIDINY SY NY FANDRINDRANA NY VIDIN'IREO TOLOTRA SY VOKATRA TENA ILAINA AMIN'NY FIAINANA ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA

FAMELABELARANA NY ANTONY

Miverimberina ary indraindray tampoka ny fampiakarana ny vidin'ireo tolotra sy vokatra tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA eto Madagasikara. Misy fiantraikany mivantana amin'ny fahefa-mividin'ny tokantrano, ny fitoniana ara-toekarena sy ara-tsosialy ary ny fanatanterahana ny tetikasam-panjakana sy tsy miankina izany, indrindra eo amin'ny sehatry ny trano fonenana, fotodrafitrasa, fitaterana, angovo ary famatsiana entana sy tolotra ilaina.

Ny Lalàna laharana faha-2018-020 tamin'ny 23 aogositra 2018 mikasika ny fanavaozana ny lalàna momba ny fifaninanana dia mametraka ny foto-kevitra ny fahalalahan'ny vidin'entana sy tolotra, izay faritan'ny fifaninanana malalaka sy ny fifampisintonan'ny tolotra ary ny tinady. Ilaina izany foto-kevitra izany amin'ny fampiroboroboana ny fandraisana andraikitra ara-toekarena, ny fampiasambola, ny fanavaozana ary ny fifaninanana eo amin'ny mpandraharaha.

Na izany aza, mety hisy hanelingelina ny fiasan'ny tsena ara-dalàna, toy ny fahasarotan'ny famatsiana, ny fifantohan'ny mpandraharaha tafahoatra, ny olana amin'ny fitaterana, fitahirizana na famatsiana entana, ny fiovana tsy ara-dalàna amin'ny sara, na ny fanararaotana amin'ny vidin'entana. Amin'ireny toe-javatra ireny, ny fahalalahan'ny vidin'entana sy tolotra raha tsy misy fepetra fanitsiana dia mety hiteraka fampiakaram-bidy tafahoatra, fihavitsian'ny tolotra ary fahasarotan'ny famatsiana ny mponina amin'ny ireo entana sy tolotra tena ilaina.

Ity volavolan-dalàna ity dia mikendry ny hametraka rafitra ara-dalàna manokana hiadiana amin'ny fanararaotana amin'ny vidin'entana sy handrindrana ny vidin'ireo tolotra sy vokatra tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA.

Tsy mikendry ary tsy miteraka fanafoanana ny Lalàna laharana faha-2018-020 ity volavolan-dalàna ity. Tazoniny ny foto-kevitra ankapobeny momba ny fahalalahan'ny vidin'entana sy tolotra, ary fialana voafetra, voatondro ary arahin'ny tombontsoa iombonana ihany no apetrany amin'izany. Ireo fomba fiasa entiny dia mihatra amin'ireo tolotra sy vokatra tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA ihany, izay faritana amin'ny alalan'ny Didy sy fitsipipitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka ny lisitr'izy ireo.

Lalàna manokana mameno ny rafitra ankapobeny momba ny fifaninanana araka izany ity volavolan-dalàna ity. Ahafahan'ny Fanjakana miditra an-tsehatra izy rehefa tsy ampy intsony ny fomba fiasa mahazatra eo amin'ny tsena mba hiantohana ny fisian'ireo tolotra sy vokatra tena ilaina amin'ny vidiny ara-drariny, nefa tsy mametraka fanaraha-maso ara-pitantanana ankapobeny sy maharitra amin'ny vidiny.

Faritan'ny volavolan-dalàna ireo hevi-dehibe ilaina amin'ny fampiharana azy, indrindra ny atao hoe tolotra na vokatry tena ilaina amin'ny fiainana andavanandro, tolotra na vokatry stratejika, vidy fakan-tahaka, tombom-barotra antonony, mpandraharaha ara-ekonomika ary fanararaotana amin'ny vidin'entana.

Mametraka fomba maro samihafa amin'ny fandrindrana ny vidin'entana ity volavolan-dalàna ity. Voalaza ao ny fahafahana mametra vidim-barotra ambony indrindra na tombom-barotra ambony indrindra amin'ireo dingana samihafa amin'ny rojom-barotra. Ireo fepetra ireo dia miorina amin'ny sandan'ny fividianana na famokarana, ny saran'ny fitaterana, ny fitahirizana, ny fiantohana, ny haba sy hetra, ary ny tombom-barotra antonony ho an'ny mpandraharaha.

Voafaritry ao ihany koa ny famoahana vidy fakan-tahaka enti-manoro, ny fampiharana tantsoroka ara-bola, fanonerana, fandrindrana tsy hampisondrotra ny vidin'entana na fampitoviana sara, ary ny fananganana tahiry famonjena. Raha misy krizy ara-toekarena, loza voajanahary, hamehana ara-pahasalamana na toe-javatra miavaka, dia azon'ny Governemanta raisina ny fepetra miankina amin'ny toe-draharaha misy, toy ny fihazonana vonjimaika ny vidin'entana, famerana ny fampiakarana ny vidin'entana.

Ny Minisitery miadidy ny Varotra no miandraikitra ny fampiharana ity lalàna ity. Hifampidinihana amin'ny Filankevitry ny fifaninanana sy amin'ireo fikambanana misolo tena ny mpamokatra, mpanafatra, mpaninjara ary mpanjifa ny fepetra raisina, afa-tsy raha misy hamehana.

Manamafy ny adidin'ireo mpandraharaha ara-ekonomika amin'ny fangaraharaha ity volavolan-dalàna ity ka mametraka adidy amin'izy ireo ny tsy maintsy hanomezany angom-baovao ho an'ny Ministera miadidy ny varotra momba ny sara, tombom-barotra, habetsahan'ny varotra vita ary tahiry. Tsy maintsy mampahafantatra ny vidin'entana koa izy ireo, ary tsy maintsy mampandre mialoha ny Ministera miadidy ny varotra raha hisy fampiakarana vidin'entana sasantsasany. Izany fampandrenesan mialoha izany dia tsy fangatahana fahazoa-dalàna na midika ho fahazoan-dalàna hampiakatra vidin'entana.

Mametraka sazy ny volavolan-dalàna ho an'ireo tsy manaja ny vidiny na tombom-barotra voafehy, na tsy manaraka ny fepetra miankina amin'ny toe-draharaha misy, na manao fanararaotana amin'ny vidin'entana. Saziana koa ny tsy fampahafantarana ny vidin'entana, ny tsy fampandrenesana mialoha, ny fandavana hanome angom-baovao, ny fanafenana izany na ny fanomezana vaovao diso. Voafaritry ao koa ny fahefan'ny Kaomisera sy Mpanara-maso ny Varotra sy ny Fifaninanana amin'ny fanamarinana sy fanenjehana ireo fandikana lalàna, ary ny fahafahana mamaha raharaha amin'ny alalan'ny raharaham-pihavanana ara-panjakana.

Ity volavolan-dalàna ity dia ahitana andininy telo amby efapolo (43) mizara ho toko enina (6). Ny toko I dia mametraka ny fepetra ankapobeny. Ny toko II dia manangana ireo fomba fiasa amin'ny fandrindrana ny vidin'entana. Ny toko III kosa dia mandamina ny fitantanana-draharaha, ny fangaraharaha ary ny adidiny mifatotra amin'ireo mpandraharaha. Ny toko IV dia mamaritra ireo fandikana lalàna sy ny sazy miandry izany. Ny toko V dia miresaka momba ny fanamarinana, ny fanenjehana ary ny fandaminana ireo fandikana lalàna. Ary farany, ny toko VI dia mirakitra ireo fepetra famaranana.

Mikendry ny hanome ny Fanjakana fitaovana ara-dalàna miandalana sy mangarahara hiadiana amin'ny fanararaotana amin'ny vidin'entana ity volavolan-dalàna ity, sady mitazona ny foto-kevitry ny fahalalahan'ny vidin'entana sy tolotra, izay ialana amin'ny tranga voafetra sy voatondro ihany raha takian'ny fiarovana ny fahefa-mividy, ny filaminana ara-toekarena ary ny tombontsoa iombonana izany.



FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA-045 MIKASIKA NY ADY AMIN'NY FANARARAOTANA AMIN'NY VIDINY SY NY FANDRINDRANA NY VIDIN'IREO TOLOTRA SY VOKATRA TENA ILAINA AMIN'NY FIAINANA ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA

Ny Antenimierampirenena sy ny Antenimieran-doholona dia nandany ity lalàna ity nandritra ny fivoriana nataony avy, tamin'ny

NY FILOHAN'NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA,

- Araka ny Lalàm-panorenana ;
- Araka ny Fanapahan-kevitra laharana faha- /HCC/D3 tamin'ny

DIA MAMOAKA HO LALÀNA MANAN-KERY NY VOTOATIN'ITY LALÀNA ITY IZAY TOY IZAO MANARAKA IZAO :

TOKO I FEPETRA ANKAPOBENY

Andininy voalohany — Ity lalàna ity dia mikendry:

1° handrindra ny vidin'entana amin'ireo tolotra sy vokatra tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA mba hiantohana ny fisian'izy ireny amin'ny vidiny ara-drariny ho an'ny mponina ;

2° hisoroka sy hanasazy ny fanararaotana amin'ny vidin'entana sy ny fomba fanao miendrika fanararaotana ;

3° hampifandanja ny fahalalahan'ny vidin'entana sy tolotra amin'ny fiarovana ny fahefa-mividy sy ny filaminana ara-toekarena nasionaly.

Andininy faha-2 — Ny vidin'ny entana, vokatra ary tolotra dia faritan'ny tolotra sy ny tinady. Na izany aza, azon'ny Fanjakana fehezina na faritana ny vidiny na ny tombom-barotra, ho an'ireo sokajin-tolotra sy vokatra voafaritry ity lalàna ity.

Andininy faha-3 — Ity lalàna ity dia mihatra amin'ny olona tsirairay na fikambanana manana ny sata maha-olona araka ny lalàna izay mamokatra, manafatra, manodina, mitahiry, mitatitra, maninjara, mivarotra, mitazona na mampiditra eny an-tsena tolotra na vokatra tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA, amin'ny maha-matihanina azy na tsindraindray, na amin'ny toe-javatra hafa raha mety hisy fiantraikany amin'ny famatsiana ny tsena na amin'ny fivoaran'ny vidy arak any tokony ho izy izany.

Andininy faha-4 — Araka ity lalàna ity, dia atao hoe:

1° **Tombom-barotra antonony:** tahan'ny tombom-barotra ahafahan'ny mpandraharaha manefa ny sandan'ny famokarana, fampielezana ary famatsiam-bola no sady mahazo tambiny ara-drariny amin'ny renivola nampiasainy. Tombanana amin'ny fampitahana amin'ny tombom-barotra fanao amin'ny fivarotana vokatra mitovy na mitovitovy, na amin'ny tombom-barotra eo amin'ny seham-piharina izany ;

2° **Mpandraharaha ara-ekonomika:** izay rehetra mandray anjara amin'ny famokarana, fanodinana, fivarotana na famatsiana entana sy tolotra, na manolotra asa, entana na tolotra ;

3° **Vidy fakan-tahaka:** vidy enti-manoro navoakan'ny Fitondram-panjakana mifototra amin'ny sara ara-ekonomika voamarina ka ampiasaina hanombanana ny fivoaran'ny vidy arak any tokony ho izy eny an-tsena;

4° **Vidiny na tombom-barotra voafehy:** vidiny na tombom-barotra iharan'ny fepetra famerana araka ity lalàna ity;

5° **Tolotra na vokatra tena ilaina amin'ny fiainana andavanandro:** tolotra na vokatra rehetra natao hamaliana ny filàna fototra sy tsy tapaka ananan'ny tokantrano, izay ilaina amin'ny fiainana andavanandro ny fampiasana na fanjifana azy ary tafiditra ao anatin'ny harona fanjifan'ny tokantrano.

Ny famaritana ireo tolotra sy vokatra tena ilaina amin'ny fiainana andavanandro dia raisina ho jerena indrindra:

- ny anjara toerana raisiny ao anatin'ny fandaniana ataon'ny tokantrano;
- ny fahamaroan'ny fanjifana na fampiasana azy;
- ny fisian'ny vokatra na tolotra hafa afaka manolo azy na tsia;
- ny fiantraikan'ny tsy fisiany na ny fampiakarana ny vidiny amin'ny fahefa-mividy, ny fahasalamam-bahoaka ary ny filaminana ara-tsosialy.

6° **Tolotra na vokatra stratejika:** tolotra na vokatra izay misy fiantraikany mivantana amin'ny filaminana ara-toekarena, ara-tsakafo, ara-pahasalamana na ara-angovo, amin'ny trano fonenana na amin'ny fitohizan'ny asam-panjakana fototra ny fisiany sy ny vidiny;

7° **Fanararaotana amin'ny vidin'entana:** fomba fanao ataon'ny mpandraharaha ara-ekonomika na olona tsirairay na fikambanana miasa tsindraindray, izay:

- minia miteraka na mitazona amin'ny fomba tsy voajanahary fampiakaram-bidy tsy ara-drariny, indrindra amin'ny fitahirizana tafahoatra, fitazonana tahiry, fanimbana an-tsitrapo, fifanarahana miafina na fanaparitahana vaovao diso;
- mivarotra na manolotra tolotra na vokatra tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA amin'ny vidiny hita fa tafahoatra raha oharina amin'ny vidy fakan-tahaka na amin'ny sandan'ny fividianana na famokarana azy, raha tsy misy antony marim-pototra.

Andininy faha-5 — Faritana amin'ny didim-panjakana raisina eo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra ny lisitra sy ny sokajin'ireo tolotra na vokatra tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA.

TOKO II — FOMBA FANDRINDRANA NY VIDIN'ENTANA

Fizarana Voalohany — Vidim-barotra ambony indrindra sy tombom-barotra ambony indrindra

Andininy faha-6 — Ny Fanjakana dia afaka mandray didim-panjakana izay raisina eo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra sy araka ireo fepetra voalazan'ity lalàna ity momba an'ireo tolotra na vokatra tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA, ny Fanjakana dia afaka, amin'ny didim-panjakana raisina eo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra mba :

1° hamerana ny vidim-barotra ambony indrindra amin'ireo dingana samihafa amin'ny rojom-barotra;

2° hamerana ny tombom-barotra ambony indrindra, amin'ny sanda raikitra na amin'ny isan-jato amin'ny vidy fakan-tahaka, ho an'ny mpamokatra, mpanafatra, mpivarotra ambongadiny, mpivarotra antsinjarany na mpanelanelana hafa.

Azo atambatra ny fametrahana vidim-barotra ambony indrindra sy tombom-barotra ambony indrindra raha ilaina izany mba hisorohana ny fanararaotana amin'ny vidin'entana sy hiantohana ny fizarana ara-drariny ny sanda fanampiny eo amin'ireo mpandray anjara amin'ny rojo.

Andininy faha-7 — Ny vidim-barotra ambony indrindra sy ny tombom-barotra ambony indrindra dia faritana amin'ny fototry ny:

1° sandan'ny fividianana na famokarana, anisan'izany raha ilaina ny vidiny iraisam-pirenena fakan-tahaka ho an'ny vokatra nafarana;

2° saran'ny fitaterana, fikirakirana, fitahirizana ary fiantohana;

3° haba sy hetra mihatra;

4° tombom-barotra antonony ho an'ny mpandraharaha ara-ekonomika, araka ny mampiavaka ny sehatra tsirairay.

Faritana amin'ny sanda raikitra na amin'ny ampahany zato amin'ny vidy fakan-tahaka izy ireo.

Azo faritana amin'ny dingana tsirairay amin'ny rojo ny tombom-barotra ambony indrindra, indrindra eo amin'ny mpanondrana, mpanafatra, mpivarotra ambongadiny ary mpivarotra antsinjarany.

Andininy faha-8 — Ny didim-panjakana mametra ny vidiny sy tombom-barotra ambony indrindra dia manondro:

1° ny faharetan'ny fampiharana ny fepetra, izay azo ferana fotoana sy havaozina;

2° ny faritra ara-jeografika ampiharana azy;

3° ny fanafahana azo ekena ho an'ny mpandraharaha ara-ekonomika na sokajin-vokatra sasantsasany;

4° ny adidy hampahafantatra ny vaovao ara-ekonomika, indrindra ny sandan'ny vola, habetsahana ary tahiry ilaina amin'ny fanaraha-maso ny fandrindrana ny vidin'entana.

Raha tsy voafetra ny fotoana fampiharana ireo fepetra fameranana ny vidy sy tombom-barotra voafaritra araka ity lalàna ity, dia dinihina sy havaozina ara-potoana, fara fahakeliny indray mandeha isan-taona, na isaky ny misy fiovana lehibe amin'ireo singa ara-ekonomika fakan-tahaka, mba handraisana ny fivoaran'ny sara sy hisorohana ny tsy fahampian'entana.

Andininy faha-9 — Ampahafantarina amin'ny fomba izay afahana mampiely azy be indrindra ny vidy sy tombom-barotra voafehy ary aseho amin'ny toerana hita maso eny amin'ny toeram-pivarotana, araka ny fepetra hofaritana amin'ny Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka.

Andininy faha-10 — Ho an'ireo tolotra na vokatra tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA sasantsasany dia afaka mamoka vidy fakan-tahaka enti-manoro mba hampahafantarana ny mpanjifa ny haavon'ny vidiny heverina ho antonony araka ny sara sy ny tombom-barotra mahazatra eo amin'ilay sehatra ny Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana rehefa avy naka ny hevitra ny Filankevitry ny fifaninanana.

Tsy voatery arahina ireo vidy fakan-tahaka ireo. Na izany aza, ny fampiharana matetika vidiny ambony lavitra noho ireo vidy fakan-tahaka ireo nefa tsy misy antony marim-pototra, dia mety ho famantarana fanararaotana amin'ny vidin'entana araka ny andininy faha-4.

Andininy faha-11 — Faritana amin'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana ny fomba fikajiana, famoahana ary fanavaozana ny vidy fakan-tahaka.

Fizarana Faharoa — Fepetra hafa momba ny fandrindrana ny vidin'entana

Andininy faha-12 — Mba hamerana ny fiantraikan'ny fampiakarana sara ivelany amin'ny vidiny farany amin'ireo tolotra na vokatra tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA sasantsasany, ny Fanjakana dia afaka mampihatra rafitra tantsoroka ara-bola na fanonerana, indrindra:

1° fandraisana an-tanana ampahany amin'ny sara sasantsasany, toy ny fitaterana, fitahirizana, haba sy hetra;

2° fananganana tahirim-bola fandrindrana tsy hampisondrotra ny vidin'entana na fampitoviana sara isam-pampandrosoana.

Ireo rafitra ireo dia ampiharina amin'ny fomba mangarahara, tsy manavakavaka ary voafetra amin'izay tena ilaina hahatratrarana ny tanjon'ny fandrindrana tsy hampisondrotra ny vidin'entana.

Faritana amin'ny Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka ny fepetra momba ny famatsiam-bola, fitantanana ary fanaraha-maso ireo rafitra ireo.

Andininy faha-13 — Ho an'ny vokatra tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA sasantsasany, ny Fanjakana dia afaka manangana na mampanangana tahiry famonjena natao hisorohana na hanalefahana ny fahatapahan'ny famatsiana sy ny fampiakarana ny vidin'entana vokatry ny fanararaotana.

Raha misy korontana voamarina eny an-tsena, ny Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana dia afaka mandray didim-pitondra :

1° mandidy ny hampidirana eny an-tsena ny ampahany na ny manontolo amin'ny tahiry famonjena;

2° manery ireo mpandraharaha ara-ekonomika manana tahiry manan-danja hamoaka izany ao anatin'ny fe-potoana voafaritry, araka ny fepetra momba ny vidiny mifanaraka amin'ity lalàna ity.

Tsy maintsy manambara ara-potoana ny tahirin'ireo vokatra voakasika ny mpandraharaha ara-ekonomika, araka ny fomba hofaritana amin'ny Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka, mba hahafahana manara-maso marina ny tsena.

Andininy faha-14 — Raha misy krizy ara-ekonomika, loza voajanahary, hamehana ara-pahasalamana na toe-javatra miavaka hafa miteraka tsy fifandanjana goavana eo amin'ny tsenan'ireo tolotra na vokatra tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA sasantsasany, ny Governemanta dia afaka, amin'ny alalan'ny didim-panjakana raisina eo anivon'ny Filankevitry ny Minisitry, mandray fepetra miankina amin'ny toe-draharaha misy ampiharina amin'ny ny fandrindrana ny vidin'entana, indrindra ny :

1° fihazonana vonjimaika manontolo na amin'ny ampahany ny vidin'entana na tolotra;

2° famerana ny taha ambony indrindra ahazoana mampiakatra vidin'entana raha oharina amin'ny vanim-potoana fakan-tahaka;

Ireo fepetra miankina amin'ny toe-draharaha misy ireo dia voafetra ara-potoana, misy antony ary mifanaraka amin'ny hamafin'ny toe-draharaha. Tombanana izy ireo ary, raha ilaina, dinihina indray alohan'ny hanavaozana azy.

Andininy faha-15 — Atsangana eo anivon'ny Minisitery miadidy ny Varotra ny rafitra fanarahamaso ny tsehan'ireo tolotra na vokatry tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA, izay miandraikitra:

- 1° fanangonana sy fanadihadiana ny angom-baovao momba ny vidy, sara, habetsahana ary tahiry;
- 2° famantarana ny fampiakaram-bidy tsy ara-dalàna na ny olan'ny famatsiana;
- 3° fanolorana soso-kevitra momba ny fepetra fandrindrana ny vidin'entana.

Tsy maintsy mandefa amin'io rafitra io ny vaovao ilaina ny mpandraharaha ara-ekonomika, araka ny fepetra sy fe-potoana hofaritana amin'ny Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka.

TOKO III — FITANTANANA SY FAMPIHARANA NY FANDRINDRANA NY VIDIN'ENTANA

Fizarana Voalohany — Fahefana mahefa sy fandrindrana

Andininy faha-16 — Ny Minisitery miadidy ny Varotra no tompon'andraikitra amin'ny fampiharana ity lalàna ity.

Raha mahakasika sehatra manokana ny fepetra kasaina horaisina, ny Minisitery miadidy ny Varotra dia miara-mandrindra amin'ireo Ministery mahefa amin'ny sehatra, indrindra ireo miadidy ny Toekarena, ny Fitantanam-bola, ny Angovo, ny Indostria, ny Fitaterana, ny Toeram-ponenana na sehatra hafa voakasika.

Ny Filankevitry ny fifaninanana dia hifampidinihana araka ny andininy faha-17 ary mandray anjara, amin'ny alalan'ny hevitra atolony, amin'ny fanombanana ny fiantraikan'ny fepetra fandrindrana ny vidin'entana amin'ny tsena.

Fizarana Faharoa — Fakan-kevitra sy fanomanana ny fepetra

Andininy faha-17 — Alohan'ny hametrahana na hanovana ny vidim-barotra ambony indrindra na tombom-barotra ambony indrindra na ireo fepetra fandrindrana ny vidin'entana voalazan'ny Toko II, dia atao:

- 1° ny fakan-kevitra ny Filankevitry ny fifaninanana, izay manao fanambaran-kevitra mifototra amin'ny antony mazava momba ny fiantraikan'ny fepetra kasaina horaisina amin'ny fifaninanana, ny fampiasam-bola sy ny tsena;
- 2° ny fakan-kevitra amin'ireo fikambanana matihanina misolo tena ny mpamokatra, mpanafatra, mpaninjara ary mpanjifa amin'ireo vokatry voakasika.

Ireo fakan-kevitra ireo dia karakaraina ao anatin'ny fe-potoana mifanaraka amin'ny hamehana sy ny lanjan'ny fepetra kasaina. Faritana amin'ny Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka ny fomba fakan-kevitra, indrindra ny fe-potoana, ny fitaovana ampiasaina ary ny fampahafantarana ny hevitra.

Raha misy hamehana vokatry ny krizy ara-ekonomika, loza voajanahary, hamehana arapahasalamana na toe-javatra miavaka hafa, dia afaka mandray fepetra miankina amin'ny toedraharaha misy ny Fanjakana nefa tsy miandry ny fahavitan'ireo fakan-kevitra. Amin'izany, dia atao faran'izay haingana aorian'izay ny fakan-kevitra mba handinihana raha hamafisina, ovaina na foanana ireo fepetra.

Fizarana Fahatelo — Fangaraharana, fampahafantarana ny vidin'entana ary adidy hampahafantatra ny zava-misy

Andininy faha-18 — Araka ny fangatahan'ny Minisitera miadidy ny Varotra dia tsy maintsy mampita aminy ao anatin'ny fe-potoana nomena, ny singa rehetra manamarina ny sarany, tombom-barotra, habetsahan'ny varotra ary tahiriny momba ireo tolotra na vokatry tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA ny mpandraharaha ara-ekonomika, mba hahafahana:

1° manamarina ny fanarahana ny vidiny sy tombom-barotra voafehy;

2° manadihady ny fivoaran'ny sara sy ny loza ateraky ny fanararaotana amin'ny vidin'entana.

Faritana amin'ny Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka ny lisitry ny vaovao omena, ny endriky ary ny fahamaroan'ny fandefasana azy.

Ny fandavana hanome ny vaovao angatahina, ny fanafenana izany na ny fanomezana an-tsitraro vaovao tsy marina dia fandikana lalàna araka ity lalàna ity ary azo saizana araka ny Toko IV.

Andininy faha-19 — Ny mpandraharaha ara-ekonomika rehetra mampiditra eny an-tsena na manolotra tolotra na vokatry tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA hamidy dia tsy maintsy manao fampahafantarana ny vidin'entana miaraka amin'ny kajin'ny hetra amin'ny fomba mazava, mora vakiana ary hita maso ho an'ny besinimaro.

Raha iharan'ny vidim-barotra ambony indrindra na tombom-barotra ambony indrindra araka ity lalàna ity ireo tolotra na vokatry ireo, dia tsy maintsy ahafahana mamantatra amin'ilay fampahafantarana:

1° ny vidiny voafehy, raha misy;

2° ny filazana hoe « vidiny voafehy » na famantarana manokana hafa voafaritry ny Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka.

Aseho eo akaikin'ireo tolotra na vokatry ny vidiny ary, raha ilaina, amin'ny fitaovam-pifandraisana rehetra ampiasaina amin'ny varotra azy, indrindra etikety, tabilao, peta-drindrana, fitaovana nomerika sy ny sisa, araka ny fepetra hofaritana amin'ny Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka.

Ny tsy fanarahana ny adidy fampahafantarana ny vidin'entana voalazan'ity andininy ity dia fandikana lalàna ary saizana araka ny Toko IV.

Fizarana Fahefatra — Fampanrenesana mialoha ny fampiakarana ny vidin'entana

Andininy faha-20 — Ireo mpandraharaha ara-ekonomika mivarotra tolotra na vokatry tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA dia tsy maintsy mampandre mialoha ny Minisitera miadidy ny Varotra ny amin'ny fampiakaram-bidy rehetra:

1° mihoatra ny taha fiovana voafaritry amin'ny Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka; na

2° mahakasika tolotra na vokatry tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA iray na maromaro ao anaty lisitra faritana amin'ny Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka.

Ny fampandrenesana dia manondro farafahakeliny:

1° ireo tolotra na vokatra voakasika;

2° ny vidiny teo aloha sy ny vidiny vaovao kasaina ampiharina;

3° ny daty kasaina hanan-kery;

4° ireo antony lehibe manamarina ny fampiakarana ny vidin'entana, indrindra ny fivoaran'ny saran'ny famatsiana, fitaterana, hetra sy ny sisa.

Tsy maintsy tonga ao amin'ny Minisitery miadidy ny Varotra ny fampandrenesana fara fahakeliny dimy ambin'ny folo (15) andro mialoha ny hampiharana ny fampiakarana ny vidin'entana.

Faritana amin'ny Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka ny fomba fanaovana izany fampandrenesana izany.

Raha misy hamehana vokatry ny fiovana tampoka sy tsy azo vinaniana amin'ny sara, dia manamarina izany hamehana izany ao amin'ny fampandrenesany ny mpandraharaha ara-ekonomika.

Ny fampandrenesana mialoha dia tsy midika ho fangatahana fahazoan-dalana na fankatoavan'ny Fitondram-panjakana ny fampiakarana ny vidin'entana kasaina hatao.

Rehefa mahavoaray ny fampandrenesana ny Fitondram-panjakana dia afaka mangataka fanazavana fanampiny, manadihady ny fivoaran'ny sara sy ny tsena voakasika ary, raha ilaina, manolotra na mampihatra ireo fepetra fandrindrana ny vidin'entana voalazan'ity lalàna ity.

Ny fampiakarana vidin'entana nefa tsy manaraka ny adidy fampandrenesana voalazan'ity andininy ity, na ny fanomezana an-tsitraro vaovao diso na tsy feno, dia fandikan-dalàna ary azo saziana araka ny Toko IV.

Fizarana Fahadimy — Tsiambaratelo arak'asa

Andininy faha-21 — Ireo mpiasan'ny Fitondram-panjakana sy izay rehetra mahalala, noho ny asany, ny vaovao ara-ekonomika na ara-barotra voangona amin'ny fampiharana ity lalàna ity, dia manana adidy hitana ny tsiambaratelo arak'asa araka ny lalàna manan-kery.

Ny fandikana izany adidy izany dia saziana araka ireo lalàna momba ny tsiambaratelo arak'asa ankoatran'ny sazy famaizana eo amin'ny asam-panjakana.

TOKO V — FANDIKANA LALÀNA SY SAZY

Andininy faha-22 — Saziana higadra enim-bolana (6) ka hatramin'ny dimy taona (5) sy handoa lamandy dimy tapitrisa (5 000 000) ka hatramin'ny roapolo tapitrisa (20 000 000) Ariary na ny iray amin'ireo sazy ireo ihany:

1° ny fivarotana na fanolorana tolotra na vokatra tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA amin'ny vidiny mihoatra ny vidim-barotra ambony indrindra voafaritry araka ity lalàna ity;

2° ny fampiharana, amin'ny dingana rehetra amin'ny rojom-barotra, tombom-barotra mihoatra ny tombom-barotra ambony indrindra voafehy;

3° ny tsy fanarahan'ny mpandraharaha ara-ekonomika ny fepetra miankina amin'ny toe-draharaha misy araka ny fepetra fandrindrana ny vidin'entana noraisina araka ny andininy faha-14.

Andininy faha-23 — Ny fanararaotana amin'ny vidin'entana araka ny andininy faha-4 dia saziana higadra enim-bolana (6) ka hatramin'ny dimy taona (5) sy handoa lamandy dimy tapitrisa (5 000 000) ka hatramin'ny roapolo tapitrisa (20 000 000) Ariary.

Anisan'ny atao hoe fanararaotana amin'ny vidin'entana indrindra:

1° fitazonana tahiry tsy ara-drariny mba hahatonga fahavitsin'ny entana sy fampiakarana ny vidin'entana;

2° fanimbana an-tsitraro vokatry tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA mba hifehezana ny vidiny;

3° fanaparitahana vaovao diso momba ny fisiana na ny sandan'ny famokarana na famatsiana;

4° ny fampiharan'ny mpandraharaha ara-ekonomika iharan'ny adidy fampandrenesana araka ny andininy faha-20 fampiakarana vidin'entana manan-danja tsy misy antony marim-pototra ary tsy mifanaraka amin'ireo singa momba ny sara nampitaina.

Andininy faha-24 — Saziana lamandy iray tapitrisa (1 000 000) ka hatramin'ny folo tapitrisa (10 000 000) Ariary ny tsy fanarahan'ny mpandraharaha ara-ekonomika ny adidy fampahafantarana ny vidin'entana amin'ireo tolotra na vokatry tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA voalazan'ny andininy faha-19.

Andininy faha-25 — Saziana higadra enim-bolana (6) ka hatramin'ny dimy taona (5) sy handoa lamandy dimy tapitrisa (5 000 000) ka hatramin'ny roapolo tapitrisa (20 000 000) Ariary ny mpandraharaha ara-ekonomika:

1° tsy manao ny fampandrenesana mialoha ny fampiakarana ny vidin'entana araka ny andininy faha-20;

2° mandà tsy hanome ny vaovao sy antontan-taratasy angatahina araka ny andininy faha-19;

3° manafina ireo vaovao ireo na minia manome vaovao tsy marina na tsy feno.

Raha toa ireo fandikan-dalàna voalazan'ity andininy ity ireo ka natao na niteraka fanafenana na fanamorana fandikan-dalàna araka ny andininy faha-22 na faha-23, dia avo roa heny ny fetra ambony indrindra amin'ireo sazy voalazan'ity andininy ity ny sazy ampiharina.

Andininy faha-26 — Ny fikambanana manana ny sata maha-olona araka ny lalàna dia tompon'andraikitra ara-pitsarana amin'ny fandikana lalàna nataon'ireo rantsa-mangaika na solontenany.

Saziana lamandy dimy tapitrisa (5 000 000) ka hatramin'ny dimy amby roapolo tapitrisa (25 000 000) Ariary izy amin'izany.

Raha famerenan-keloka, dia avo roa heny ny lamandy.

Andininy faha-27 — Ankoatra ireo sazy ireo dia azo didiana koa, raha misy fanamelohana noho ny fandikana lalàna araka ity lalàna ity:

- ny fanagiazana ho an'ny Fanjakana ireo entana nanaovana ny fandikan-dalàna;
- ny fanakatonana vonjimaika ny toeram-piasana mandritra ny herintaona (1) raha toa ka misy tranga famerenan-keloka.

TOKO V — FANAMARINANA SY FANENJEHANA NY FANDIKANA LALÀNA

Andininy faha-28 — Ny fanamarinana ireo fandikan-dalàna araka ity lalàna ity, ny fanangonana porofo momba izany ary ny fitadiavana ny tompon'antoka sy mpiray tsikombakomba aminy dia anjaran'ny Kaomisera sy Mpanara-maso ny Varotra sy ny Fifaninanana miasa eo anivon'ny Minisitery miadidy ny Varotra.

Manana ny sata maha-mpanao fanadihadiana ara-pitsarana azy ireo eo amin'ny fanatanterahana ny asa ataony araka ity lalàna ity.

Andininy faha-29 — Ny fandikan-dalàna araka ity lalàna ity dia raketina amin'ny fitanana antsoatra ataon'ny mpiasa roa farafahakeliny nahazo alalana sy nandray anjara manokana sy mivantana tamin'ny fanamarinana ny zava-misy, rehefa nampahafantatra ny maha-izy azy sy nampiseho ny karatra arak'asa, araka ny andininy faha-141 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny Paikady Ara-pitsarana Heloka.

Andininy faha-30 — Ireo mpiasan'ny fanaraha-maso ny fampiharana ity lalàna ity eo ampanatanterahana ny asany, izay nahazo fanendrena sy nanao fianianana, dia afaka miditra malalaka amin'ireto toerana manaraka ireto:

1° magazay, efitra aoriana amin'ny magazay, fivarotana, trano tahiry, trano fanatobiana entana, tsena, toeram-pivarotana ambongadiny na antsinjarany;

2° birao, efitra fanampiny, toerana fitantanana mifandray amin'ny asa ara-ekonomika anaovana ny fandihadina;

3° toerana famokarana, fanodinana, famonosana, fitahirizana, fandefasana na faninjirana tolotra na vokatry tena ilaina amin'ny fiainana ANDAVANANDRO SY STRATEJIKA;

4° fiara sy fitaovam-pitaterana hafa ampiasaina hitaterana ireo vokatry ireo.

Azo atao tsy misy fampandrenesana mialoha ireo fitsidihana sy fanaraha-maso ireo mandritra ny ora fiasana na ora fisokafan'ny toeram-piasana ho an'ny besinimaro, ary mandritra ny fitaterana vokatry.

Ny fisavana toerana natokana ho trano fonenana irery ihany dia tsy azo atao raha tsy araka ny fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàna momba ny Paikady Ady Heloka, indrindra ny fahazona fahazoan-dalana na didy fisavana mialoha.

Andininy faha-31 — Ny mpiasan'ny fanaraha-maso ny fampiharana ity lalàna ity dia afaka mitaky amin'ny mpandraharaha ara-ekonomika rehetra na amin'izay olona mitazona azy ny fanolorana avy hatrany ny antontan-taratasy ilaina amin'ny asa ataony, indrindra:

1° boky sy taratasy fitantanam-bola, faktiora, taratasy fanaovana kaomandy, taratasy fanaterana entana ary firaketana ny tahiry;

2° fifanarahana, taratasy fifandraisana ara-barotra, rejisitry ny vidin'entana, fitaovana informatika ary angon-drakitra nomerika;

3° antontan-taratasy avy amin'ny banky na ara-bola mifandray amin'ny raharaham-barotra anaovana fanadihadiana, ao anatin'ny fanarahana ny lalàna manan-kery.

Azon'izy ireo giazana izay antontan-taratasy, fitaovana, milina na vokatry nanaovana fandikan-dalàna na nampiasaina hanatanterahana izany fa tsy maintsy manome taratasy fanamarinam-pandraisana izy ireo amin'izany.

Andininy faha-32 — Asiana tombo-kase ireo zavatra nogiazana mba hahafantarana azy sy handrarana ny fampiasana azy.

Andininy faha-33 — Ny zavatra nogiazana dia azo avela hotazonin'ny tompony na mpihazona azy, na apetraka ao amin'ny Minisitery miadidy ny Varotra na eo anivon'ireo sampana miankina aminy.

Andininy faha-34 — Enjehina eo anatrehan'ny Fitsarana iombonana ireo fandikan-dalàna araka ity lalàna ity.

Na izany aza, azo alamina amin'ny alalan'ny raharaham-pihavanana ara-panjakana ireo fandikan-dalàna ireo.

Ny Minisitra miadidy ny Varotra no manapa-kevitra momba ny fampiharana ny raharaham-pihavanana ara-panjakana.

Andininy faha-35 — Ny fandoavana manontolo ny lamandy vokatry ny raharaham-pihavanana ara-panjakana dia manafonana ny fanenjehana ara-pitsarana raha toa ka nefaina ao anatin'ny telopolo (30) andro manomboka amin'ny fampandrenesana ny fanapahan-kevitra momba izany amin'ilay voakasika.

Ny sandan'ny lamandy sy ny fomba fandoavana azy dia hofaritana amin'ny alalan'ny Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka.

Andininy faha-36 — Ny fanapahan-kevitra momba ny raharaham-pihavanana ara-panjakana dia tsy maintsy manapa-kevitra ny amin'ny hoavin'ireo zavatra nogiazana. Raha tsy misy izany dia heverina ho foana ho azy ny fanagiazana.

Faritana amin'ny Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka ny fomba fampiharana ity andininy ity.

Andininy faha-37 — Raha tsy voaloha ao anatin'ny telopolo (30) andro ny lamandy amin'ny raharaham-pihavanana ara-panjakana dia ampitain'ny Minisitra miadidy ny Varotra na izay nomeny fahefana any amin'ny Tonia Mpampanoa Lalàna eo anivon'ny fitsarana mahefa ara-paritra ny raharaha.

Andininy faha-38 — Vantany vao voamarina ny fandikan-dalàna araka ity lalàna ity, dia azon'ny Minisitra miadidy ny Varotra raisina ireto sazy ara-pitantanana manaraka ireto:

1° fanakatonana mandritra ny fe-potoana voafaritry, tsy mihoatra ny iray (1) volana, ireo toeram-piasana, ozinina, atrikasa na magazain'ilay olona voampanga;

2° fanafoanana mandritra ny fe-potoana voafaritry, tsy mihoatra ny telo (3) volana, ny fahazoan-dalana hanao asa;

3° fanilihana mandritra ny fe-potoana voafaritry, tsy mihoatra ny herintaona (1), amin'ny fahazoana alalana hanafatra na manondrana.

Raha vantany vao voavaha tanteraka amin'ny alalan'ny raharaham-pihavanana ara-panjakana na fitsarana ny raharaha, dia foana avy hatrany ireo sazy ara-pitantanana.

Andininy faha-39 — Ny lamandy vokatry ny raharaham-pihavanana ara-panjakana voaray noho ny fandikan-dalàna araka ity lalàna ity dia ampiasaina hamatsiana:

- ireo rafitra fandrindrana ny vidin'entana voalazan'ny Toko II amin'ity lalàna ity;
- ny sarany sy fandanianana mifandraika amin'ny fanenjehana ny fandikan-dalàna na amin'ny fanatanterahana fanadihadiana ara-ekonomika na ara-tsena ilaina amin'ny fampiharana ity lalàna ity;
- ny famatsiam-bola ho an'ny fampiasam-bola sy fotodrafitrasa ilain'ny Minisitry miadidy ny Varotra sy ny Fanjifana amin'ny fanatanterahana ny asany araka ity lalàna ity.

Ny fanokanana ireo vola ireo dia atao amin'ny alalan'ny fametrahana teti-bola manokana amin'ny lalàna momba ny fitantanam-bolam-panjakana isan-taona.

Faritana amin'ny Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka ny fomba fampiharana ity andininy ity.

TOKO VI — FEPETRA FAMARANANA

Andininy faha-40 — Ho fampiharana ity lalàna ity dia hamoahana Didy sy fitsipi-pitondrana raisin'ny fahefana mpanatanteraka araka izay ilaina azy.

Andininy faha-41 — Foanana ary tsy manan-kery intsony ireo fepetra rehetra teo aloha izay mifanohitra amin'ity lalàna ity.

Andininy faha-42 — Noho ny hamehana sy araka ny voalazan'ny andininy faha-4 sy andininy faha-6 andalana faharoa amin'ny Didy Hitsivolana laharana faha-62-041 tamin'ny 19 Septambra 1962 momba ny fepetra ankapobeny amin'ny lalàna anatiny sy ny lalàna iraisam-pirenena tsy miankina, ity lalàna ity dia manan-kery avy hatrany raha vantany vao avoaka amin'ny alalan'ny onjam-peo, fahitalavitra na peta-drindrina, na dia mbola tsy tafiditra ao amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara aza.

Andininy faha-43 — Havoaka amin'ny gazetim-panjakana ary tanterahina toa ny lalàna manan-kery eto amin'ny tany sy ny firenena ity lalàna ity.

Navoaka tao Antananarivo, ny

**Ny Filohan'ny Fanavaoazana ny Repoblikan'ny Madagasikara
Michaël RANDRIANIRINA**